# Ilay Voa Tsara Nafafy 11 Desambra 2018

# 11 Talata desambra

**Ireo rehetra ireo *(Ireo patriarka)* dia maty tamin'ny finoana, kanefa tsy mbola nahazo ny teny fikasana... nanaiky fa vahiny sy mpivahiny etỳ ambonin'ny tany izy... maneho marimarina fa mitady izay ho taniny ... tsara lavitra ..., dia ny any an-danitra.**
Hebreo 11. 13-16

## Inona no tanjon'ny fiainako ?

Tao an-trano dia ny Baiboly no boky nomena haja indrindra. Vao maraina ny raiko dia manakatona ny varavaran'ny lakozia ary maharitra ela mamaky ny Baiboly. Avy eo, rehefa tafavory hisakafo maraina ny mpianakavy, dia mamaky toko iray manontolo aminay izy.

Eo amin'ny sehatry ny asany, dia nasain'ny mpampiasa azy namaky boky iray matevintevina ihany izy, boky mitondra ny lohateny hoe : „Ny fitantanana araka izay tanjona kendrena".

Rehefa nieritreritra ireo boky ireo sy ny lohatenin'ity faharoa aho, dia nahatakatra fa ny fitondrantenan'ny mpino sy izay manosika azy eo amin'ny fiainany, dia miankina ihany koa amin'izay tanjona noraisiny tamin'Andriamanitra, tamin'ny alalan'ny finoana. Mampiseho izany an-tsary ny tantaran'ireo patriarka Abrahama sy Isaka ary Jakoba, tantara voalaza ao amin'ny andinin-tSoratra Masina anjarantsika androany. Hitan'izy ireo ny faratanjon'ny fiainany, tsy tanindrazana etỳ an-jfa „ny tsara lavitra", dia ny lanitra, ao amin'izay onenan'Adriamanitra. Koa nanjary nifanaraka tamin'ny finoany ny fihetsiny :

— Nanao ny tenany ho „vahiny sy mpivahiny etỳ ambonin'ny tany" izy ireo.

— Vavolombelon'ny fitiavan'Andriamanitra sy ny fahendreny izy ireo, teto amin'izao tontolo izao, ka nampiharihary fa mihoatra noho ny fetran'izao fiainana izao ny zava-dehibe tena mameno ny sainy.

— Nijoro tsara tamin'ny finoana izy ireo, ka tsy nijery intsony ny tany aoriana, izay efa nilaozany.

„Noho izany Andriamanitra dia tsy menatra hatao hoe Andriamaniny" (Hebreo 11. 16). Dia toy izany koa, ny kristiana etỳ an-tany dia efa mizotra amin'ny lalana nosoritan'i Kristy, lalana mitondra azy any aminy, any an-danitra. Mahatsapa fahasambarana izy mibanjina an'i Jesosy, Ilay „Tompon'ny finoantsika" (Hebreo 12. 2).